TORO LALANA HO AN' NY

# FAMPIANARANA

TORO LALANA HO AN' NY

# FAMPIANARANA

Avoakan' ny
Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny olomasin' ny andro farany
Salt Lake City, Utah

© 1999 an’ ny Fiangonan’ i Jesoa Kristy ho an’ ny olomasin’ ny andro farany
Zo Rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia Amerika

Fankatoavana ny tamin’ ny teny Anglisy: 10/93
Fankatoavana ny fandikan-teny: 10/93
Fandikana ny *Teaching Guidebook*
Malagasy

# Votoatiny

Teny fanolorana iv

Mampianara toy ny nampianaran' i Jesoa 1

Miomàna ara-panahy 3

Manaova drafitra ary omano ny lesonao 6

Ovaovao ny fomba fampianarana 9

Ireo toetoetra isaky ny sokajin-taona 15

Ny olana mety hitranga sy ny Vahaolana 16

Ny vokatsoa azo avy amin' ny fampianarana 20

Fanoritsoritana ny fampianarana fototra ho fampiofanana ny mpampianatra 22

# Teny fanolorana

Natao ho an' ny mpampianatra rehetra ao amin' ny Fiangonana ity toro lalana ity. Azon' ireo mpampianatra tsirairay ampiasaina ity na azo ampiasaina amin' ny *Fampianarana fototra ho fampiofanana ny mpampianatra* any amin' ny toerana izay tsy ampiasaina ny *Enseignement Pas de Plus Grand Appel*. Azon' ny ray aman-dreny ampiasaina koa ho fampianarana any an-trano.

Tsy misy antso lehibe noho ny fahafahana mampianatra ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy. Manampy ny hafa hiomana hiverina indray any amin' ny Raintsika any an-danitra isika rehefa mizara ny Filazantsara aminy. Mandidy antsika ny Tompo mba hifampianatra ny foto-pampianarana momba ny fanjakany. Raha mampianatra amimpiniavana isika dia hahazo ny heriny (Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:77–78). Hoy koa Izy: " . . . ary rehefa mibebaka ianao dia ampaherezo ireo rahalahinao" (Lioka 22:32).

Miresaka momba ny ohatr' ilay lehibe indrindra amin' ny mpampianatra, dia i Jesoa Kristy, ity toro lalana ity ary mampiseho ireo fomba ahafahan' ny mpampianatra miomana am-panahy hiatrehany ny andraikiny. Manazava ny fomba handrindrana ny lesona ary mampiseho karazana fomba fampianarana izay hanampy ireo mpampianatra hahatonga ny lesona hahaliana sy hahomby koa izany.

Manazava ny toetoetry ny ankizy sy ny tanora ary ny olon-dehibe sasantsasany ity boky ity, toetra izay tokony ho fantatry ny mpampianatra. Miresaka momba ny olana sy vahaolana mety ho hitan' ny mpampianatra any am-pianarana ity. Mandinika ny sasantsasany amin' ireo vokatsoan' ny fampianarana sy ny fianarana mahomby koa izy ity.

Mifarana amin' ny fanoritsoritana ny momba ny Fampianarana fototra ho fampiofanana ny mpampianatra ity toro lalana ity.

# Mampianara toy ny nampianaran' i Jesoa



Raha mpampianatra vaovao ianao dia mety hanana ahiahy momba ity andraikitra ity. Tadidio fa vonona hanampy anao ny Tompo. Nampanantena Izy fa raha manetry tena sy manam-pinoana isika, dia hampanjariany ho tanjaka ny fahalementsika (jereo Etera 12:27). Hankahery anao amin' ny ezaka ataonao amin' ny fampianarana ny Tompo rehefa mino sy manakaiky Azy ianao.

Tadidio koa fa efa nahazo fahaiza-manao sy talenta maro nandritra ny fiainanao ianao, izay ahafahanao manampy ny hafa. Ho fitahiana eo amin' ny fiainan' ireo olona ampianarinao ireo talentanao ireo.

I Jesoa Kristy no lehibe indrindra amin' ny mpampianatra. Miezaha manaraka ny ohatra nomeny rehefa mampianatra. Saintsaino "Inona no ho nataon' i Jesoa?" rehefa mampiahiahy anao ny tokony hatao. Tanisaina etsy ambany ireo fomba sasantsasany izay azonao andramana mba hanarahana ny ohatr' i Jesoa.

### Tiavo ireo izay ampianarinao

Nampiseho fitiavana lehibe sy fahazoana an-tsaina ny olona rehetra i Kristy nandritra ny fiainany teto an-tany. Nomeny lanja ny olona tsirairay. Nampianatra ny mahantra, ny manan-karena sy ny mpanota ary ny tsy mamy hoditra teo amin' ny

fiaraha-monina Izy. Nampianatra antsika hitia ny olon-drehetra sy hifanampy Izy. Hoy Izy: "Didy vaovao no omeko anareo dia ny mba hifankatiavanareo, eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa". (Jaona 13:34; jereo koa ny andininy 35).

### Meteza ho ohatra

Ohatra tena tsara amin' ny fomba tokony hiainantsika ny fiainan' i Jesoa. Hoy Izy: "Avia, manaraha Ahy" (Lioka 18:22), ary nasehony antsika ny làlana. Tsy tanteraka isika, fa tokony hiezaka hiaina ireo fitsipika izay ampianarintsika. Avy amin' ny asa ataontsika matetika no ampianarantsika bebe kokoa noho ny avy amin' ny teny lazaintsika. Koa dia mitombo ny fijoroantsika ho vavolombelona momba ny fahamarinan' ny Filazantsara rehefa miaina am-pahamendrehana isika, ary manjary mendrika ny handray ny fiarahan amin' ny Fanahy Masina.

### Ampianaro ireo fahamarinana fototra ao amin' ny Filazantsara

Nampianarin' i Kristy ireo fahamarinana fototra ao amin' ny Filazantsara. Ny fitsipika voalohan' ny Filazantsara no tena nifantohany—finoana, fibebahana, batisa ary fanomezana ny Fanahy Masina. Nampianatra antsika ho tia sy hanampy ny hafa Izy. Tokony hifantoka amin'ireo fahamarinana fototra ao amin' ny Filazantsara koa isika, rehefa mampianatra.

Tamin' ny fomba tsotra no nampianaran' i Kristy ny fahamarinan' ny Filazantsara. Nampiasa fiteny tsotra sy mazava ary tantara sy ohatra avy amin' ny fiainana andavanandro Izy. Ny fampianarana dia mifono tranga-piainana fahita matetika, izay mora azon' ny olona. Niresaka momba ny fahitana ilay ondry very, ny fitadiavana farantsakely ary ny fiverenan' ilay zanaka adala Izy (jereo Lioka 15). Nampiasa ny Soratra Masina matetika Izy rehefa nampianatra. Mampianatra mazava ny fitsipiky ny Filazantsara ny Soratra Masina.

### Tadidio ny tanjon' ny fampianaranao

Tian' ny Mpamonjy ny hanarahan' ny olona rehetra ny fampianarany sy ny hiverenany any aminy. Hanampy ny olona hahazo fijoroana ho vavolombelona ny amin' i Jesoa Kristy sy hiaina ny Filazantsarany no tanjon' ny fampianaranao, ka ho afaka handray ny fahasoavana rehetran ' ny fiainana mandrakizay Izy.

# Miomana ara-panahy



Hitarika sy hanampy anao amin' ny fampianaranao ny Fanahin' ny Tompo rehefa miomana ara-panahy ianao. Ilaina ny fananana ny Fanahy mba hahafahana mampianatra ny fitsipika sy ny fahamarinan' ny Filazantsara. Niteny ny Tompo fa homena antsika ny Fanahy raha mivavaka Aminy amim-pinoana isika, ary raha tsy manana ny Fanahy isika dia tsy tokony hampianatra (jereo Foto-pampianarana sy Fanekempihavanana 42:14). Hahatonga ny olona izay mihaino ny lesona hahatsapa ao am-pony fa marina izay nampianarina azy ny Fanahy (jereo 2 Nefia 33:1) . Hanampy anao hiomana hampianatra miaraka amin' ny fitarihan' ny Fanahy Masina ireto toro-hevitra manaraka ireto.

**Meteza hatokana**

Hatokana ary homena tsodrano manokana avy amin' ny mpitondra ny fisoronana ianao rehefa voantso hampianatra mba hanampiana anao amin' io asa manan-danja io. Ho tsofina rano ianao mba handray ny aingam-panahy avy amin' ny Tompo hahatontosanao ny antsonao. Katsaho io aingam-panahy io, dia hahazo ny fanampiana ilainao ianao.

**Mivavaha mandrakariva**

Mivavaha mandrakariva ary mangataha amin' ny Tompo mba hitahiany anao amin' ny alalan' ny Fanahiny rehefa manomana sy mandalina ary mampianatra ianao. Mazàna mety hanapa-kevitra ny

hifady hanina ianao mba hahazo fitarihana manokana. Mivavaha ho an′ ny zavatra ilain′ ny mpianatra tsirairay. Tian′ ny Tompo izy ary mety te hanampy azy avy amin′ ny alalanao Izy. Mianara hahafantatra sy hanaraka ny bitsiky ny Fanahy Masina.

**Halalino ny Soratra Masina**

Halalino amim-bavaka ny Soratra Masina. Hahalala ny momba ny Mpamonjy ianao raha manao izany ary hitombo amin′ ny fahalalana ny fahamarinana. Hanampy anao hahazo an-tsaina ny Soratra Masina sy hahita ny fomba ampiharana azy amin′ izao fotoana izao ny Fanahin′ ny Tompo . Hankaherezin′ ny Fanahy sy hotarihiny ianao ao amin′ ny fampianaranao raha ampianao vavaka sy fifadian-kanina ny fandalinanao ny Soratra Masina.

**Iaino ny Filazantsara**

Iaino ny fampianaran′ ny Filazantsara, araka izay azonao atao. Hahazo hery sy fahaizana mahataka-javatra ianao raha manao izany. Hahatsapa ny fahatsoran′ ny fijoroanao ho vavolombelona ireo mpianatra rehefa mahita anao miaina ireo fitsipika ampianarinao.

**Ny fahasoavana amin′ ny fiomanana ara-panahy**

Aseho ao amin′ ny Bokin′ i Môrmôna ireo fahasoavana azo avy amin′ ny fiomanam-panahy , ao amin′ ny tantaran′ ireo zanakalahin′ i Môziaha (jereo Alma 17). Nanokana taona maro hampianarana ny Lamanita ireto mpampianatra lehibe ireto, noho ny fitiavany ny hafa. Nianatra ny Soratra Masina tamim-piniavana izy ireo ho fiomanana amin′ny andraikiny mba hahatakarany ny tenin′ Andriamanitra (jereo Alma 17:2). Nifady hanina koa izy ary nivavaka mafy. Nahazo ny fanahin′ ny fanambarana izy vokatr′izany, ary nampianatra tamin′ ny alalan′ ny hery sy fahefana avy amin′ Andriamanitra (Alma 17:3).


Rehefa nandeha tany an-tanin′ny Lamanita izy, dia nifady hanina sy nivavaka im-betsaka mba hanomezan′ ny Tompo ampahan′ ny Fanahiny hiaraka aminy sy ho ao aminy, ka ho fitaovana mahomby eo am-pelatanan′ Andriamanitra izy (jereo Alma 17:9). Alohan′ ny nisarahany hanomboka ny fampianarany, dia nomen′i Amôna izay mpitarika azy tsodrano tsirairay avy izy mba hanampiana azy amin′ ny asany (jereo Alma 17:18). Samy nanana ny traikefany avy izy ireo teo anivon′ ny Lamanita, nefa samy nitady ny fitarihan′ ny Fanahin′ ny Tompo tamin′ ny fampianarany. Nanjary tena fitaovana marina teo am-pelatanan′ Andriamanitra izy ireo, mba hanampy amin′ ny fitondrana ny Lamanita an′ arivony ho amin′ ny fahafantarana ny marina.

Tokony hiezaka mafy koa isika hahazo ny Fanahin′ ny Tompo hiaraka amintsika rehefa mampianatra. Nisy

mpampianatra anankiray nanana fahasarotana amin’ ny fahatsapana ny Fanahin’ ny Tompo, raha izy nanomana ny lesony iny. Tsapany fa nisy zavatra tsy nety tao. Nivavaka sy nangataka ny fanampian’ ny Ray any an-danitra izy indray hariva. Nahatsiaro ilay mpifanolo-bodirindrina ratsy fanahy taminy izy nandritra ny fotoana nivavahany. Nahatsapa ilay mpampianatra fa tezitra tamin’ ity mpifanolo-bodirindrina taminy izy tao am-pony. Tsapany, rehefa nandinika izy, fa tsy afaka hahazo ny fitarihan’ ny Fanahin’ ny Tompo feno miaraka aminy izy, raha mbola ao am-pony ireo fihetseham-po ireo.

Tamim-panetretena no nangatahany ny hamelan’ ny Tompo azy. Ny ampitson’ iny dia namangy ilay mpifanolo-bodirindrina taminy izy ary niala tsiny tamin’ ireo zavatra nisy tao am-pony . Rehefa izany, dia samy nanatsara ny fifandraisany izy sy ilay mpifanolo-bodirindrina taminy ary nanomboka nahatsapa mafy kokoa ny Fanahin’ ny Tompo ilay mpampianatra teo amin’ ny fiainany.

# Manaova drafitra ary omano ny lesonao



Zava-dehibe tokoa ny manao drafitra ary manomana amim-pahamalinana ny lesona izay hampianarinao mba hahafahanao maneho ny fitsipiky ny Filazantsara amim-pahombiazana. Indreto misy toro-hevitra hanampy anao amin' ny fanomanana izany:

### Fantaro ireo fanovozan-kevitra

Nanomana am-pitandremana ireo boky nahazoan-dalana hampianarana sy hampiasaina amin'ny fampianarana izay mifototra amin' ny Soratra Masina sy ny fampianaran' ny mpaminany amin' ny andro farany ny Fiangonana. Anontanio ny mpitondra ny Fiangonana misy anao raha misy amin'ny teny malagasy ireto fanovozan-kevitra manaraka ireto:

- Boky fampianarana ho an' ny mpampianatra natontan' ny Fiangonana ho an' ny kilasy iandreketany.
- Soratra Masina ho an' ny mpianatrao.
- Gazetibokim-piangonana mirakitra ny fampianaran' ireo mpaminany amin' ny andro farany.
- Sary maromaro antsoina hoe Fonosan-tsary mikasika ny Filazantsara izay tokony ho ao amin' ny tranom-bokim-piangonana.

Diniho izay misy amin'ny teny malagasy mba hahafahanao mahalala ny fomba ampiasanao azy amin' ny lesonao.  Tsy mila fitaovana

manahirana sy be haitraitra ianao raha te ho mpampianatra mahomby. Nampianatra lesona maro tamin′ ny alalan′ ny zavatra tsotra i Kristy. Ny Fanahin′ ny Tompo no tena manjaka be indrindra ao amin′ ny fampianaranao.

## Atombohy mialoha ny fanomanana

Raha vao azonao ny boky fampianaranao, dia manokàna fotoana hijerena azy. Halalino sady jereo matetika ny pejy enti-manolotra izay manome toro-hevitra ho an′ ny mpampianatra. Vakio ny pejy misy ny votoatiny ary jereo ny lesona. Hanampy anao hahita ny fomba nandaminana ny boky fampianaranao sy ny fomba ifandraisan′ ny lesona ao anatiny izany.

Omano mialoha ny lesonao. Hitan′ ny ankamaroan′ ny mpampianatra fa manampy ny mandalina ny lesona herinandro vitsivitsy alohan′ ny ampianarany azy. Manome azy ireo fotoana hieritreretana sy hivavahana momba ny tanjon′ ny lesona izany ary hanomanana azy araka ny tokony ho izy.

## Miomàna hampianatra ny hevi-baventy

Misy hevi-baventy na tanjona ny lesona tsirairay ao amin′ ny boky fampianaranao. Jereo ny hevi-baventy ao amin′ ny fiantombohan′ ny lesona. Tokony hifantoka amin′ io hevi-baventy io ny famelabelarana izany lesona izany sy ny ady hevitra ao aminy. Manontania tena hoe: "Ahoana no ahafahan′ ity hevi-baventy na ity tanjona ity manampy ireo mpianatra hahazo tsara ny Filazantsara sy hiaina izany?"

Mangataha amin′ ny Tompo mba hanampiany anao hahazo ny hafatra tena lehibe indrindra avy amin′ ny lesona ho an′ ny mpianatrao. Ohatra, azonao afantoka amin′ ny fahasoavan′ ny fifadian-kanina na ny maha zava-dehibe ny fifadian-kanina misy tanjona manokana, isaky ny alahady fifadian-kanina, ny lesonao raha momba ny fifadian-kanina ny lohahevitra.

## Halalino ireo fanohanan-kevitra

Ahitana fanohanan-kevitra izay hanampy anao hampiseho ny hevi-baventy ny lesona tsirairay ao amin′ ny boky fampianaranao. Miseho amin′ ny soratra matavy izy ireny matetika. Anisan′ ny fanovozan-kevitra ny Soratra Masina, ny tantara ary ny fampahafantarana hafa. Alalino ireo fanohanan-kevitra ireo ary diniho amim-bavaka ny fomba tsara hampisehoana ny fitaovana amin′ ny mpianatrao.

Halalino amim-pitandremana ny Soratra Masina voahadihady ao amin′ ny lesona sy ny Soratra Masina hafa izay hanampy anao hampianatra ny fitsipiky ny Filazantsara. Miomàna mba hanampy ireo mpianatra hahazo ny fomba ahafahany mampihatra ny Soratra Masina eo amin′ ny fiainany.

Niteny ny mpaminany Nefia ao amin′ ny Bokin′ i Môrmôna: nampihariny taminy sy tamin′ny fianakaviany ny Soratra Masina mba hahafahany misintona lesona avy aminy (jereo 1 Nefia 19:23).

Raha mila fitaovana izay tsy ao amin′ ny boky fampianarana na ao amin′ ny Soratra Masina ianao dia ampiasao ireo tantara na lahateny avy ao amin′ ny Gazetim-piangonana, indrindra ireo tatitra momba ny Fihaonamben′ ny Fiangonana.

Ampiasao koa ireo tantara sy ohatra avy amin′ ny fiainanao sy ny fiainan′ ireo mpianatrao. Ohatra, nisy tanora iray niala tamin′ ny fifohana sigara rehefa avy nandre ny lesona tao amin′ ny kilasin′ ny Kolejin′ ny Fisoronana momba ny tenin′ ny fahendrena, izay nanazavan′ ilay mpampianatra ny traikefan′ ny rahalahiny handresena io fahazarana mifoka io. Nampiseho io ohatra io fa afaka miova amin′ ny fahazarany ny mpifoka sigara. Nanampy zatovolahy iray hanapa-kevitra hanova ny fiainany ny fandrenesana izany tantara izany.

Raha tsy azonao antoka ny tokony hampiasana fitaovana ho fanampin′ izay efa ao anaty boky na ao amin′ ny Soratra Masina, na ao amin′ ireo gazetim-piangonana, dia anontanio ireo mpitondra ny Fiangonana misy anao ary miantehera amin′ ny fitarihan′ ny Fanahy.

Mba ho fampahafantarana momba ireo fomba fampianarana izay hanampy anao hanolotra ny lesona, dia jereo ny pejy 8–12 amin′ ity toro lalana ity.

## Manomanà famintinana sy famporisihana

Ivereno sy fintino ny zavatra izay avy nampianarina any amin′ ny faran′ ny lesona. Hampahatsiaro ireo mpianatra ny fitsipiky ny Filazantsara naseho tao amin′ ny lesona io famintinana io. Manomeza soson-kevitra hahafahana mampihatra ny fitsipiky ny Filazantsara, ary avelao koa ny mpianatra hanome ny heviny. Amporisiho mba hanandrana ny iray amin′ ireo hevitra ireo izy mandritra ny herinandro ho avy. Azonao anontaniana azy, amin′ ny lesona any aoriana, izay nianarany avy amin′ ny ezaka nataony.

Nisy mpampianatra iray namporisika ny tanora tao amin′ ny kilasiny hanao asa fanasoavana iray isan′ andro mandritra ny herinandro, ka tsy hitonona anarana amin′ izany. Nangataka tatitra fohifohy ilay mpampianatra tamin′ ny fanombohan′ ny fotoam-pianarana manaraka. Maro ireo mpianatra no nizara tamim-pientanam-po ny zavatra nataony sy ny fifaliana tsapany avy amin′ ny fampiharana ity lesona ity. Nanainga ny hafa hanao asa fanasoavana lehibe ny valiny mahafa-po avy amin′ ireto mpianatra ireto.

# Ovaovao ny fomba fampianarana



Maro ireo zavatra azonao atao hahatonga ny lesonao hahaliana ary hanampy ny mpianatra hianatra ny fahamarinan' ny Filazantsara. Ireto manaraka ireto misy toro-hevitra.

### Fantaro ireo mpianatra

Mihoatra lavitra noho ny manome lesona isan-kerinandro no dikan' ny hoe Mpampianatra ny Filazantsara. Midika ho fikarakarana ny momba ny mpianatrao koa izany. Miezaha hahalala sy hanampy ny olona tsirairay ao amin' ny kilasinao. Mety mila ny fanampianao manokana izy rehefa manana olana na rehefa tsy tonga mianatra. Tadidio ilay fanoharan' ny Mpamonjy ny amin' ilay ondry iray very (jereo Lioka 15:3–6).

Nisy mpampianatra iray, tsy tonga nianatra matetika ilay ankizy mpianany, nahatsikaritra izy fa isaky ny mihaona amin' ny fianakavian' io ankizy io izy ao anatin' ny herinandro, dia tonga miangona ilay ankizy ny Alahady manaraka. Niezaka niresaka matetika tamin' ny ray aman-drenin' ilay ankizy izy ary nampiseho ny fitiavany ilay zaza. Nitsena azy tany am-pianarana mihitsy aza ilay mpampianatra rehefa miasa ireo ray aman-dreny mba tsy hanapahan' ilay zaza kilasy.

Nitia sy nanompo marina ny hafa i Jesoa Kristy. Araho ny ohatra nomeny amin' ny fitiavana sy ny fanampiana ny mpianatrao. Ampio ny tsirairay hahatsapa ny fitiavan' ny Mpamonjy amin' ny alalan' ny fanaovanao asa

fanasoavana sy fiahiana. Hitahy anao ny Tompo amin′ ny asa ataony.

### Ampandraiso anjara ny mpianatra

Tena zava-dehibe ho an′ ny mpianatra ny famelana azy handray anjara amin′ ny lesona. Maro ireo fomba hanaovana izany. Azonao atao ny mangataka olona hamaky teny notsongaina iray na Soratra Masina na hitantara tantara. Azonao atao ny mangataka mpianatra iray na maro hihira na hitendry zava-maneno. Fidio amim-bavaka ny mpikambana hijoro ho vavolombelona na hizara ny traikefany manokana mifandray amin′ ny lohahevitry ny lesona. Mitadiava fomba hahafahan′ ny mpianatra mandray anjara rehefa manomana ny lesonao ianao.

Iangavio mialohan′ ny fotoana izay mpikambana hampandraisinao anjara mba hahafahany miomana sy mahatsapa fahafinaretana amin′ ny fandraisana anjara. Rehefa avelanao handray anjara amin′ ny lesona ny mpianatra, dia mianatra zavatra betsaka kokoa momba ny fitsipiky ny Filazantsara izy matetika sy mahatsapa mafy kokoa ny herin′ ny Fanahin′ ny Tompo.

Ny maha zava-dehibe ny fampianarana ny ankizy hiasa no votoatin′ ny leson′ ity mpampianatra iray. Nangataka anankiray tamin′ ny mpianany izy, izay lehilahy miasa mafy sy manana toetra tsara maro tahaka an′ i Kristy, mba hizara ny traikefany momba ny fianarana miasa. Nitantara ny fahatanorany ilay lehilahy ny herinandro manaraka. Avy amin′ ny fianakaviana maro anaka izy. Samy nanana andraikitra ny tsirairay tao amin′ ny fianakaviana ary samy nahatsapa fa ilaina sy tiana avokoa. Niresaka momba ny ray aman-dreniny tamim-pitiavana izy sy ny ohatra nomeny tamin′ ny faharetana sy ny fahazotoana miasa. Nijoro ho vavolombelona izy fa ny fianarana ny maha sarobidy ny asa dia nankahery sy nanampy azy ho feno fankasitrahana tamin′ ny fahasoavana azony. Nahatonga ny mpianatra maro haniry hampianatra am-pahombiazana ity fitsipika ity ny zanany, ny tantaran′ ity lehilahy ity.

### Manaova tantara sy ohatra

Hanampy ireo mpianatra hifantoka amin′ ny lesona ny tantara sy ny ohatra, indrindra fa ireo avy ao amin′ ny Soratra Masina. Hisarika ny mpianatra ho liana amin′ ny lesona ny tantara na ny ohatra iray atao amin′ ny fiantombohan′ ny lesona. Manampy ny mpianatra ihany koa hahazo ny fomba ampiasàna ny fitsipiky ny Filazantsara ao amin′ ny fiainany ny tantara sy ny ohatra.

Hahita tantara mahafinaritra maro ianao ao amin′ ny boky fampianaran′ ny mpampianatra sy ao amin′ ny Soratra Masina. Halalino ny tantara tsirairay izay hampiasainao alohan′ ny hanaovanao lesona. Ianaro tantaraina amin′ ny fiteninao izany. Hihaino anao tsara ny mpianatra raha

mitantara ilay tantara amin' ny fiteninao ianao, fa tsy mamaky. Mety ho tian' ny ankizy kely ny milalao ilay tantara.

Nisy mpampianatra iray ao amin' ny kilasin' ny ankizy, izay manomboka mandrakariva ny lesony amin' ny tantara avy ao amin' ny Soratra Masina. Niresaka momba ilay Samaritana tsara fanahy izy rehefa momba ny hatsaram-panahy ny lesony. Azon' ny ankizy sary an-tsaina ilay lehilahy voaroba sy ireo lehilahy tsy nijery ary niolomay nandalo. Tena tohina ny ankizy tamin' ny hatsaram-panahy sy ny fahamendrehan' ilay Samaritana izay nikarakara ilay lehilahy naratra. Nanantena ireny tantara ireny ny ankizy. Nahay nampiasa ny feony sy ny fahaizany miteny hitarihana ny sain' ny kilasiny ilay mpampianatra. Nanjary zatra sy liana ny amin' ny Soratra Masina ny mpianatra.

Misy mpampianatra iray izay nampiasa ny antsoiny hoe "tantara tsy vita hatramin' ny farany" mba hampieritreritra sy hampandray anjara ny mpianatra. Nieritreritra tantara izay nampiseho ny votoatin' ny lesona izy. Nitantara tantara izy matetika, any akaikin' ny fiafaran' ny lesona, ary nanasa ny mpianatra hanome izay mety ho fiafaran' ny tantara. Tena nahaliana azy marina tokoa ny hevitry ny mpianatra. Hitany fa manentana ny mpianatra haneho ny eritreriny sy ny zavatra tsapany ity fomba ity.

## Mampiasà sary sy zavatra ho ohatra

Nampiasa ireo zavatra tsotra mandrakariva ny Mpamonjy rehefa nampianatra. Nohariny tamin' ny vary, fasika, vato ary zavatra hafa mahazatra ny olona ireo fitsipiky ny Filazantsara mba hanampy azy ireo hahazo izay nampianariny. Ohatra, nohariny tamin' ny voan-tsinapy ny finoana (jereo Matio 17:20). Na dia kely aza iny voa iny, dia afaka mitombo ho tena hazo avo be. Afaka hitombo hatanjaka avy amin' ny fiantombohan-javatra kely koa ny finoana. Ny fampiasana io sary io dia manampy antsika hahazo an-tsaina ny atao hoe finoana.

Jereo ny manodidina anao. Inona no zavatra tsotra azonao ampiasaina hanampiana ireo mpianatra hahazo tsara ny fitsipiky ny Filazantsara?

Azonao atao ny mampiasa sary tsotra na kisarisary hanehoana ny Fitsipiky ny Filazantsara. Asehoy ny sary avy ao amin' ny fonosan-tsariny mikasika ny Filazantsara rehefa mitantara tantara ao amin' ny Soratra Masina ianao. Manaova sary tsotra eny amin' ny solaitrabe na amin' ny taratasy mba hahatonga ny tantara hahaliana kokoa. Nisy mpampianatra iray nanome lesona nifototra tamin' ny fanoharan' i Jesoa ny vary sy ny voan-tsiparifary. Nonina tamin' ny toerana misy fiompiana sy fambolena ny mpianatra ka fantatry ny mpampianatra fa ho azony, fa mety ho simba ny vary raha esorina mialoha

loatra ny tsiparifary. Nanomana salohim-bary kely miaraka amin' ny tsiparifary izy, ary namelatra io fehezana io nandritra ny lesona.

Nisy mpampianatra hafa izay nanainga ny mpianatra hieritreritra zavatra izay azony oharina amin' ny fibebahana. Mpianatra iray no nanome soso-kevitra fa toy ny savony ny fibebahana. Afaka manadio antsika amin' ny fahotantsika izany rehefa ampiasaina araka ny tokony ho izy.

**Mampiasà mozika**

Fomba tena tsara hanasana ny Fanahin' ny Tompo ho ao amin' ny kilasinao ny mozika. Mahalaza kokoa ny ao anatin' ny fontsika ny mozika noho ny teny. Mankahery sy manome aingam-panahy antsika ny mozika. Raha voatazona noho ny fiampangana diso tao amin' ny fonjan' ny Carthage ny mpaminany Joseph Smith talohan' ny nahafaty maritiora azy, dia nangataka an' i John Taylor izy hihira ny "Je rencontrais sur mon chemin". Io hira mahafinaritra io dia mampahatsiahy antsika fa mitahy ireo izay manompo Azy sy ireo manompo ny namany ny Tompo.

Mety ho tia mihaino mozika na manao hira ao amin' ny Fihirana na hira hafa ny mpianatrao. Mampianatra ny fitsipiky ny Filazantsara maro ary azo ampiasaina any amin' ny lesona rehetra ny hiran' ny Fiangonana. Niteny ny Tompo fa mahafaly azy ny hira amin' ny fo ary ny hiran' ny marina dia toy ny vavaka aminy ka ho tahiana izy noho izany (jereo Foto-pampianarana sy Fanekempiavanana 25:12 ).

Nisy mpampianatra iray nanomana lesona momba ny asa fanasoavana. Nifidy hira mifanaraka amin' ny hevi-dehibe amin' izany izy. Nisy rahavavy nasaina namaky ny tonon' ilay hira nandritra ny lesona, ary ny anankiray hafa nanao ny feon-kira malefaka. Nanasa ny kilasy handinika mangina ny tononkira izy arakaraka ny namakiana azy. Nanampy ny mpianatra hahatsapa mafy kokoa ny maha zava-dehibe ny asa fanasoavana ilay mozika.

## Manomeza fanontaniana misy dikany

Anontanio momba ny fitsipiky ny Filazantsara izay ampianarinao ny mpianatra. Manampy izany amin' ny lafiny maro. Azonao fantarina raha azon' ny mpianatra ny lesona na tsia. Mifampianatra ny mpianatra rehefa mamaly ny fanontaniana. Afaka mianatra ny fomba ampiharana ny fitsipiky ny Filazantsara eo amin' ny fiainany izy.

Eritrereto ny famontaniana hapetrakao rehefa manomana lesona ianao. Mety hanampy anao ireto toro-hevitra manaraka ireto.

- Manaova fanontaniana manampy ny mpianatra hieritreritra momba ny fitsipiky ny Filazantsara sy ny fomba hampiharany izany eo amin' ny fiainany. Fanontaniana mampieritreritra matetika ny hoe: "Nahoana?" na "Ahoana?" Sorohy

ny fanontaniana azo valiana fotsiny amin' ny "eny" na "tsia."

Ohatra, raha mampianatra momba ny fahitan' i Joseph Smith voalohany ianao, dia azonao atao ny manontany toy izao manaraka izao:

"Araka ny hevitrao, nahoana no nentin'i Joseph Smith teo amin' Andriamanitra ny fanontaniana manitikitika azy momba ny Fiangonana tokony harahiny?"

"Ahoana no nahazoan' i Joseph Smith ny valiny notadiaviny?"

"Inona no fampianarana azony avy amin' ny traikefany tao amin' ilay Ala Kely Masina?"

- Fanontaniana manainga ny mpianatrao hizara ny heviny sy ny traikefany manokana atao, ohatra:

  "Raha nanana fanontaniana ianao, hangataka fanampiana amin' Andriamanitra ve ianao? Inona no antony mety ho nanaovanao izany na tsy ho nanaovanao izany?"

  "Ahoana no namalian' Andriamanitra ny vavaka nataonao?"

- Fanontaniana manampy ireo mpianatrao hampiasa ny fitsipiky ny Filazantsara ao amin' ny fiainany atao, ohatra:

  Ahoana no ahafahantsika miomana tsara handray ireo valin' ny vavaka nataontsika?"

  "Ahoana no ahalalako fa Mpamonjy izao tontolo izao Jesoa Kristy?"

  "Ahoana no ahafahako manamafy ny fijoroako ho vavolombelona fa mpaminanin' Andriamanitra i Joseph Smith?"

Nisy mpampianatra ny Foto-pampianaran' ny Filazantsara, izay nanasa ny mpianatra hijery ny Soratra Masina hamaliana ny fanontaniana nitranga mandritra ny ady hevitra tao amin' ny kilasy. Nisy olona nahita matetika ny fanazavana ilaina tao amin' ny Soratra Masina. Nanainga ny mpianatra ilay mpampianatra mba hiantehatra amin' ny tenin' ny Tompo ary handinika ny Soratra Masina hahitana vahaolana amin' ny olana sy fisedrana mahazo azy.

Raha misy olona manontany ka tsy azonao valiana , iangavio ny mpianatra hanampy anao hamaly izany na ilazao ilay olona fa ho hitanao ny valiny amin' ny fotoana manaraka.

Aza manahy loatra raha mangina mandritra ny segondra vitsivitsy ny mpianatra rehefa avy manontany ianao. Mila fotoana hieritreretana ireo valim-panontaniana izy mazàna. Raha toa ka tsy mazava aminy ny fanontaniana, dia anontanio amin' ny fomba hafa indray.

Antsoy amin' ny anarany aloha ny olona izay vao anontanianao, fa hanampy anao izany.

## Manasà vahiny manokana

Manasà vahiny manokana ho tonga ao amin' ny kilasinao tsindraindray. Azonao antsoina ny mpikambana

mendrika iray ao amin′ ny Fiangonana hanome tatitra na hizara tantara na hijoro ho vavolombelona. Afaka manampy ny mpianatrao hahazo an-tsaina ny fitsipiky ny Filazantsara izay ampianarinao ireny vahiny ireny. Mangataha fankatoavana avy amin′ ny mpitondra ny Fiangonana mialohan′ ny hiangavianao vahiny asaina ivelan′ ny sampana na ny paroasy misy anao.

Nisy mpampianatra tao amin′ ny Kilonga nampianatra momba ny Tempoly.  Nanasa fianakaviana iray vao avy nofehezina tany amin′ ny Tempoly izy ho tonga sy hitantara ary hiteny ao amin′ ny kilasy momba izany traikefany izany. Nihaino tsara ireo ankizy rehefa nanazava ny zavatra tsapany tao amin′izany Tempoly Masina izany ilay fianakaviana. Nanampy ireo ankizy hahazo ny maha zava-dehibe ny Tempoly ny fijoroana ho vavolombelon′ ilay fianakaviana.

## Mijoroa ho vavolombelona

Mijoroa matetika ho vavolombelona, momba ny fahamarinan′ ny fitsipika izay ampianarinao amin′ ny kilasinao. Ny fiomanana tsara, ny fisainana sy ny vavaka dia mampitombo ny fijoroanao ho vavolombelona. Entano ireo mpianatra mba hanana fijoroana ho vavolombelona azy manokana momba ny fitsipiky ny Filazantsara. Omeo fahafahana ireo mpianatrao araka izay azo atao hijoro ho vavolombelona momba ny Filazantsara.

Nisy mpampianatra iray izay nahatsapa fa tokony hizara ny traikefany manokana, taorian′ ny lesona momba ny fitarihan′ ny Fanahy Masina. Naharay teny izy indray mandeha nilaza fa naratra mafy tamin′ny loza ny reniny.  Nivavaka mafy ho an′ ny fahasitranan′ ny reniny ilay mpampianatra, satria tena natahorana ny ainy. Tampoka teo dia nahatsapa Fanahy tony, feno fitiavana sy fiadanana izy. Toy ny azo tsapain-tanana ny fahatsapany ny fankaherezan′ ny Fanahy Masina azy. Tsy natoky avy hatrany izy fa ho sitrana ny reniny, saingy tena nahatsapa marina fankaherezana sy fitiavana mitafotafo izy. Sitrana ny reniny tatỳ aoriana. Nijoro ho vavolombelona momba ny fankaherezana nomen′ ny Fanahy Masina ilay mpampianatra.

## Mivavaha miaraka amin′ ny mpianatrao

Atombohy amin′ ny vavaka ny lesonao ary manasà ny Fanahin′ ny Tompo ho ao amin′ ny kilasy.  Ny mpianatra mazàna no manao ny vavaka.  Mety hifidy ny hihira koa ianao any amin′ ny fanombohan′ ny kilasy.  Manasà mpianatra iray hanao vavaka any amin′ ny faran′ ny lesona.

# Ireo toetoetra isaky ny sokajin-taona

Tena zava-dehibe ny fahalalanao ireo izay ampianarinao. Jereo ny fahamatoran' ny mpianatrao. Mila zavatra samy hafa ny sokajin-taona tsirairay.

**Ny ankizy**

Mitombo tena, fanahy ary fihetsehampo sy mivoatra eo amin' ny fiarahamonina misy azy ny ankizy. Tokony hahalala ny momba ny ankizy araka izay vitanao ianao amin' ny maha mpampianany anao. Aza adinoina ny hery manokana ananan' ny ankizy sy ireo zavatra ilainy rehefa manomana ny lesonao ianao.

- Tia karazan-javatra ny ankizy. Mampiasà tantara fohy, kilalao tsotra, sary, zavatra mifandray amin' ny lesona ary hira mba hisintona ny sainy.
- Vao mianatra ny fahaizana mizara, ny hatsaram-panahy ary ny faharetana ny ankizy. Ezaho vahana ny olana mitranga amin' ireo zavatra ireo, amin' ny fampahatsiahivana azy ny ohatra nomen' i Jesoa ary manentàna azy hanaraka izany.
- Mora matoky sy mino ny ankizy. Hino izay hampianarinao ao andakilasy izy ary hijery sy hanaraka ny ohatra omenao ety ivelan' ny kilasy ihany koa..

**Ny tanora**

Matetika sarotra sy misy fisedrana ny fotoana eo anelanelan' ny fahazazana sy ny fahalehibeazana. Mety manana andraikitra amin' ny fianakaviany any an-tsekoly ary any am-piasana ny mpianatra. Mety hanampy anao hitarika ny tanora amin' ny tsara ireto toro-hevitra manaraka ireto.

- Omano ny lesona tsirairay mba ho azo ampiharina amin' ny fiainany avy hatrany. Ampio izy hahita ny fomba ahafahan'ny Filazantsara mamaly ny fanontanian' sy manampy azy hifidy ny tsara.
- Mety hahatsiaro tena ho irery na tsy dia omen-danja loatra ny tanora. Ampio ny olona tsirairay ho tonga mpikambana manana ny maha-izy azy. Ny fiarahany amin' ny olona manana fari-pahalalana mifototra amin' ny Filazantsara dia manome azy herim-panahy ary manampy azy ireo hanana fiainana madio.
- Asehoy fa manaja ny hevitry ny tanora ianao. Entano izy ireo mba handray anjara amin' ny lesona ary hanadihady miaraka aminao sy miaraka amin' ny hafa ny heviny.

**Ny olon-dehibe**

Samy manana ny taonany sy ny fiainany ny olon-dehibe. Samy hafa ny fiainany taloha sy ny traikefany. Ampiasao io karazan-javatra io hanatsarana ny kilasinao. Entano ny mpianatrao hiteny momba ny fahendrena azony tamin' ny traikefany. Ataovy izay ampiasana ny talenta maro ananany.

Ampianaro amin' ny fomba tsotra ny fahamarinan' ny Filazantsara. Hanampy ny mpianatra hahazo antsaina sy hampihatra ny fahamarinana amin' ny fiainan' ny tsirairay avy ny Fanahy Masina.

# Ny olana mety hitranga sy ny vahaolana




Maro amin' ny mpampianatra no misedra olana rehefa mampianatra. Mety hanampy anao hanome vahaolana amin'ny sakana sy olana mety hitranga ireto toro-hevitra manaraka ireto.

### Tahotra ny handray anjara

Malaina handray anjara ny olona sasany ao amin' ny kilasy. Ampiasao ireto hevitra manaraka ireto mba hanampy ireny olona ireny handresy ny fahalainany.

- Aza mangataka ireo mpianatra hamaky mafy na hivavaka raha tsy efa azonao antoka fa tsy matahotra hanao izany izy.
- Iangavio mialoha ny olona hampandraisinao anjara ao amin' ny kilasinao mba hananany fotoana hiomanana. Aleo manontany izay manolo-tena handray anjara, ao an-dakilasy, toy izay manontany olona manokana. Ny ankamaroan'ny mpianatra dia hianatra handresy miandalana ny tahotra amin' ny fandraisana anjara.

### Tsy fahatongavana mianatra

Mitombo ny fijoroantsika ho vavolombelona momba ny Filazantsara rehefa mivory miaraka sy mifampianatra isika. Misy mpikambana sasany izay tsy manana traikefa manamafy ny fijoroany ho vavolombelona, satria tsy tonga manatrika ny fampianarana sy ny asa aman-danonana tany am-piangonana izy ireo. Tohina na tezitra tamin'ny

teny na zavatra nataon' ny hafa ny sasany. Mety ho tsy miraharaha intsony ny Filazantsara na mety nahita fahasarotana tamin' ny fiainana ny fitsipika sasantsasany ny hafa. Nisy koa ireo nanary ny fahazarana manatrika tsy tapaka any am-piangonana.

Afaka manampy mba hitondra ireo mpikambana malaindaina hiverina handray anjara feno indray ny mpampianatra na ny mpitondra manam-piniavana. Tadiavo ireo mpikambana tsy tonga ara-dalàna. Asao am-pitiavana sy am-pieritreretana izy handray anjara. Mety ho azonao atao ny manadihady ny antony tsy hahatongavany.

Azonao atao ny manazava fa ireo izay manolo-tena no iangaviana handray anjara raha misy olona mitebiteby sao hangatahana handray anjara ao an-dakilasy. Azonao ezahana ny mitondra fampihavanana raha misy olona tafintohina. Raha tsy ny fananana akanjo sahaza, ny tsy fisian'ny fitaterana na ny fifanindriam-potoana no olana, dia azonao atao ny manampy mba hahitana vahaolana.

Ny fitadiavana ny mpikambana malaindaina sy ny firesahana fotsiny aminy dia mampita fitiavana sy fiahiana azy. Mety hanomboka hanatrika sy handray anjara feno ao amin' ny kilasinao sy amin' ny asa aman-danonana hafa ataon' ny Fiangonana izy avy amin' ny ezaka sy ny fanentanana nataonao.

## Ny resaka mandritra ny fampianarana

Mety hifampiresaka ny mpianatra rehefa mampianatra iny ianao. Afaka hanampy anao amin' io olana io ireto toro-hevitra manaraka ireto.

- Aza miteny aloha raha tsy efa mifantoka any aminao ny sain' ny tsirairay; rehefa izany dia tohizo avy hatrany ny lesona.
- Ampahatsiahivo ireo mpianatra ny maha zava-dehibe ny fihainoana ny lesona sy ny fianarana ny fitsipiky ny Filazantsara. (jereo Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 88:122 ).
- Manomeza fanontaniana manampy ny mpianatra hifantoka amin' ny lohahevitra atao.
- Raha misy mpianatra sasany mbola manohy miresaka ihany, dia resaho mitokana izy aorian' ny fampianarana ary angataho ny fanampiany anao hahatonga ny kilasy hahomby.
- Ataovy izay hahazoanao antoka ny hanomboka ny lesona avy hatrany sy araka ny tokony ho izy, angamba amin'ny fiarahabana tonga soa ny rehetra ao amin' ny kilasy , ka ho fantany fa tonga ny fotoana hifantohana amin' ny lesona.

Misy ankizy sasany manana olana manokana eo amin' ny fitondran-tena na manana kilema. Mangataha ny hevitry ny ray aman-dreniny mba hanampiana azy hanana

fahombiazana ao an-dakilasy. Mangataha koa hevitra any amin'ny mpitarika ny fisoronana raha ilaina izany.

### Ny mpianatra mandany fotoana be loatra

Matetika misy mpikambana ao amin' ny kilasinao mety handany fotoana be loatra amin'ny fanontaniana na fanehoan-kevitra ka tsy ahafahan' ny hafa mandray anjara. Diniho amimbavaka ahoana no hamahana io olana io mba tsy hiteraka faharatram-po. Tadidio fa ny mpianatra rehetra dia mila mandray ny fitahiana azo avy amin'ny fianarana sy ny fandraisana anjara ao an -dakilasy.

Mahazo manolo-kevitra ianao fa tehihaino indray ireo izay mbola tsy nandray anjara tamin'ny ady hevitra. Afaka manontany ireo mpikambana hafa ao amin'ny kilasy ianao. Rehefa manontany ianao, dia lazao fa fohy ny fotoana ka aoka ho fohy ny valim-panontaniana. Amin'ny antony tsy azo anoharana, dia teneno mangingina ilay olona lava resaka fa tianao ny hampandray anjara ny hafa ary iangavio ny fanampiany mba hanatrarana izany tanjona izany.

Isaky ny miangavy ny mpianatra hanampy amin' ny ampahan' ny lesona ianao, dia ampahafantaro azy tsara ny faharetan' ny fotoana tianao hanaovany izany.

### Mivaona amin' ny loha-hevitra

Misy mpianatra sasany indraindray mety maneho hevitra mampivaona ny fanadihadiana amin'ny lesona izay nomaninao. Mba hamerenana ny fanadihadiana amin' ny tena loha-hevitra dia azonao atao ireto manaraka ireto:

- Milazà fa ny loha-hevitra hafa dia mbola ho resahina amin'ny lesona manaraka.
- Iangavio ilay mpianatra hamantatra izay lazain' ny Soratra Masina momba io loha-hevitra izay nahatonga ny fanadihadiana hivaona io sy hanao tatitra fohifohy mikasika io loha-hevitra io amin' ny fampianarana manaraka.
- Lazao fa tena tsara tokoa io loha-hevitra vaovao io, saingy tsy misy ny fotoana hanaovana izany mandritra ity lesona ity. Angamba horesahina amin' ny fotoana manaraka izany.

### Fotoana tsy ampy

Tsy misy na iray aza fotoam-pampianarana ahitana fotoana ampy hanadihadiana ireo zava-tsoa azo ampianarina momba ny fitsipiky ny Filazantsara. Matetika raha tsy ampy hamitàna ny lesona ny fotoana dia mety nirona tamin' ny ady hevitra be loatra ianao. Hanomana ny lesonao hifanaraka amin' ny fotoana nomena anao ianao, raha manao fanazaran-tena.

Mety hanapa-kevitra ny handany mihoatra ny herinandro iray ianao amin' ny lesona sasany. Raha mila fitaovam-pampianarana hafa ianao dia ireo lahateny tamin' ny fihaonamben' ny Fiangonana no tena loharanon-desona tsara indrindra.

Azonao atao ny mifidy lesona manokana ho an' ny Krismasy na Paska na fetim-pivavahana hafa.

# Ny vokatsoa azo avy amin' ny fampianarana



Na dia mahatsapa aza ianao fa tsy mahavita ny antsonao , rehefa manomana sy manao lesona isan-kerinandro ianao dia hitombo ny fahatokianao. Ho azonao fantarina ny halehiben' ny fanampian' ny Tompo. Ho tahiana ny mpianatra rehefa manatrika sy mandray anjara. Hanampy ny hafa hahazo bebe kokoa ny Filazantsara ianao sy hanamafy orina ny fijoroany ho vavolombelona.

Nisy mpampianatra iray nahatsapa fa kely ny fahombiazana azony. Nisy ankizilahy naditra tao amin' ny kilasy, ary tsy fantatr'ilay mpampianatra ny fomba hanovana izany toe-javatra izany. Indray andro,1 taorian' ny kilasy, dia hoy izy tamin' ilay ankizilahy: "Tsy maintsy manapa-kevitra ny amin' izay halehanao ianao amin' ity fiainana ity"

Tohina tamin' izany fitenenana izany ilay tovolahy. Tsy mba noeritreretiny na oviana na oviana tokoa izay hitondran' ny fiainany azy. Taorian' izay andro izay dia nanomboka nijery akaiky dia akaiky ilay mpampianatra izy. Tsikariny fa tsara fanahy sy mitsimbina ny hafa mandrakariva ilay mpampianatra. Nanapa-kevitra izy fa te hitovy kokoa amin' ilay mpampianatra azy. Nanomboka nitady tsikelikely ny fanampian' ilay mpampianatra izy amin'ny fanapahan-kevi-dehibe. Noho izy tsy nanana ray mihazona ny fisoronana,

dia io mpampianatra azy io ihany no niangaviany hanome azy tsodrano avy amin' ny fisoronana.

Rehefa nandeha ny taona, dia nanohy ny fifandraisany tamin' ilay mpianatra ilay mpampianatra ary hitany fa lasa mpampianatra koa izy tatỳ aoriana. Na dia taorian' ny nanambadian' ilay tovolahy aza, dia notohizany ny fiantsoana ilay mpampianatra mba hanampy azy. Nampitombo ny fisakaizana akaiky sy maharitra izay mifototra amin' ny fitiavana ny Filazantsara ary ny fifanajana eo amin' ny tsirairay izy mianaka.

Hotahiana miaraka amin'ny mpianatrao ianao rehefa mampianatra. Ho hainao ny hitodika ny lasa ary ho hitanao hoe hatraiza ny fandrosoanao.

Ho hitanao fa ho mora kokoa ny fanomanana sy ny fanomezana lesona ary hitombo ny fahazoanao ny fahamarinan' ny Filazantsara. Ho hitanao fa hihatsara ny fiainanao noho ny asa fanompoana ataonao, dia ny maha mpampianatra anao.

Tsarovy fa ho avy ny fotoana izay hiantsoana anao hanompo amin'ny antso samihafa ao amin'ny Fiangonana. Mety hahatsiaro fahadisoam-panantenana ihany ianao rehefa tonga izany fiovana izany. Manome antsika fahafahana hanompo sy hampivelatra ny talenta maro samihafa ny antso ao amin' ny Fiangonana. Ilain' ny sasany ny fahafahana hampianatra, ary ilainao kosa ny mivoatra amin' ny sehatra hafa. Misaora amin' ny fahafahana rehetra nanao hanompoana ny Tompo.

# Fanoritsoritana ny fampianarana fototra ho fampiofanana ny mpampianatra



Azon' ireo mpikambana ao amin' ny Fiangonana atao ny ho tonga mpampianatra mahomby kokoa amin' ny alan'ny fampianarana fototra ho fampiofanana ny mpampianatra. Ny mpampianatra amin' ny fampiofanana dia ny mpampianatra mpampiofana na mpampianatra efa havanana voantson' ny mpitondra ao amin' ny paroasy na sampana. Azo atao mandritra ny Sekoly Alahady na amin' ny fotoana hafa maha-mety azy io fampiofanana io. Ny mpampianatra efa havanana, ny ho mpampianatra, ny ho misionera, ny ray aman-dreny ary ny tanora mpitovo dia afaka manatrika.

Azo ampiasaina amin' ny fampiofanana ataon' ny mpampianatra sy ny mpianatra ity toro lalana ity. Tokony homena mandritra ny valo herinandro ny fampiofanana amin'ny fampiasana izao fandaharam-potoana manaraka izao.

### Herinandro 1

Omeo dika iray mitovy amin' ity toro-lalana ity ny mpikambana tsirairay ao amin' ny kilasy. Jereo ny votoatin' ny toro lalana amin' ny fampiasana ny teny fanolorana.  Rehefa izany dia ampiasao io lesona voalohany io handinihana ny fizarana "Mampianara toy ny nampianaran' i Jesoa" sy "Miomàna ara-panahy". Hamafiso ny maha-zava-dehibe ny fanarahana ny ohatra nasehon' ny Mpamonjy sy ny fitadiavana ny fitarihan' ny Fanahin' ny Tompo rehefa mampianatra.

## Herinandro 2

Hadihadio ny fizarana "Manaova drafitra ary omano ny lesona" mandritra ny lesona faharoa. Hamafiso fa homena boky fampianarana hampianarana ny mpampianatra tsirairay. Io boky fampianarana io sy ny Soratra Masina no tokony ho loharanom-pianarana lehibe indrindra ny kilasy. Tokony hanomboka hanomana ny lesony mialoha ary hampianatra ny hevi-baventy voasoritsoritra ao amin' ny boky misy ny lesona ny mpampianatra.

## Herinandro 3 sy 4

Hadihadio ao amin'ny lesona fahatelo sy fahaefatra ny fizarana "Mampiasà karazana fomba fampianarana". Mitaky fieritreretana sy fahaiza-mamorona ny fampianarana amin'ny fomba mahomby, ary tena manampy tokoa ny fitaovana ao amin'io fizarana io. Asaivo mizara ny traikefa azony avy amin' ny fanadihadiana ireo fomba fampianarana hita ao amin' io fizarana io ny mpianatra.

## Herinandro 5

Hadihadio ny fizarana "Ny toetoetra isaky ny Sokajin-taona" mandritra ny lesona fahadimy. Hazavao fa mora amin' ny mpampianatra ny mifandray tsara sy misarika ny mpianatra raha fantany tsara izy ireo. Asaivo mizara ny traikefa izay nananany ka nanampy azy hahafantatra tsara ny ankizy, ny tanora na ny lehibe ny mpianatra.

## Herinandro 6

Hadihadio ny fizarana "Ny olana mety hitranga sy ny vahaolana " sy ny "Vokatsoa amin' ny fampianarana" mandritra ny lesona fahenina.

Ampio ireo mpianatra hahafantatra ny fomba hahazoany mamaha ireo olana mety hitranga. Mety tsy hahomby araka ny tokony ho izy ny kilasy raha toa ka tsy manaja fatratra na varimbariana na mampiasa be loatra ny fotoana tokony ho an' ny kilasy ho amin' ny zavatra hafa ny olona.

Hadihadio ny fomba hanampian' ny mpampianatra ireo mpianatra malaindaina hiverina any amin' ny kilasy misy azy ireo indray. Anisan' ireo valisoa lehibe indrindra ho an' ny mpampianatra ny fahitana ny fivoaran' ny olona iray ao anatin' ny Filazantsara. Ampiasao ny filazana voasoratra eo ambanin' ny "Ny vokatsoa avy amin' ny Fampianarana" mandritra ny fanadihadiana.

Iangavio hiteny momba ireo fomba izay nahazoany fitahiana avy amin' ny asan' ny mpampianatra sy ireo fomba izay nahafahany nanampy ny hafa amin' ny maha mpampianatra azy ny mpianatra.

## Herinandro 7 sy 8

Tokony havela hanao fizarana mampianatra ny mpianatra mandritra ny lesona roa farany. Miangavia mpampianatra maro efa havanana izay mampianatra kilasy matetika mba hanampy anao. Iangavio ireo

mpampianatra ireo mba samy haka iray amin' ireo mpiofana any amin' ny kilasiny sy hamela ireo mpiofana hampianatra lesona iray na mihoatra ny iray. Ireo mpampianatra efa havanana dia tokony hanara-maso ny mpampianatra mpiofana ka hanome am-pahatsorana fanoroan-dalana sy fanoroan' andraikitra. Raha toa ka efa nahavita ny fizarany mampianatra ireo mpiofana, dia mifanakaloza hevitra aminy momba izay nianarany. Lazao ny zavatra tsara hitanao tamin' ny fampianarany. Ampio izy hahita sehatra hafa ahafahany manao fanatsarana.

Aorian' ny fifaranan' ny fampianarana ny mpampianatra mpanofana sy ny mpampianatra efa havanana dia afaka manontany matetika ireo mpampianatra vaovao raha mila fanampiana izy ireo na tsia. Tokony hanatrika ny fivorian' ny filan-kevitry ny paroasy na sampana ny mpampianatra mpampiofana mba hahazoany antoka fa mahalala ny zavatra ilain' ny mpampianatra ny mpitondra ao amin' ny paroasy sy ny sampana.

Ireo rehetra izay nandray anjara tamin' ny fampiofanana dia tokony hahatsiaro fa tsy misy antso lehibe noho ny fahafahana mampianatra ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy.

THE CHURCH OF
JESUS CHRIST
OF LATTER-DAY SAINTS

4 02345 95654 5
34595 654